# Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

# Jesoa nifidy ny mpianatra roambinifolo lahy




Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.



Tantara 39 amin'ny 60

**www.M1914.org**

***Bible for Children,*** *PO Box 3, Winnipeg, MB R3C 2G1 Canada*



Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.


Malagasy

Be dia be ireo fahagagana nataon'i Jesoa. Nanasitrana ny marary Izy. Nanala ny aretina, ny fangirifiriana sy ny rofy rehetra, nampianatra sy nitory ny tenin'Andriamanitra.




Vahoaka betsaka no nanatona an'i Jesoa mba ho ampiany sy ho sitraniny.




Nanapa-kevitra ny hifidy roambinifolo lahy amin'ireo olona nanaraka Azy foana ireo Jesoa, mba hanampy Azy amin'ny asan'Andriamanitra.
3


Mivavaka amin'Andriamanitra ve ianao, rehefa misy fanapahan-kevitra lehibe raisinao? Izany no nataon'i Jesoa! Nankany an-tendrombohitra Izy, naka toerana mangina ary nivavaka tamin'ny Rainy. Mandra-paha maizina ny andro.
4


Ary dia mbola nivavaka ihany koa izy nandritra ny alina.
5


Rehefa maraina, niantso ny namany Jesoa – ireo tena nanaraka sy nankato Azy foana. Nisafidy roambinifolo tamin'ireo namany ireo Izy mba ho mpianany.
6


Ny roa voalohany nofidian'i Jesoa dia mpirahalahy, Simona Petera sy Andrea. Nilaozan'izy ireo ny haratony rehefa niantso azy ireo Jesoa hanaraka Azy.
7


Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, koa dia nandao ny lakany.
8


Jesoa koa dia nifidy an'i Filipo, Bartolomeo, Matio sy Tomasy, Simona Kananeana, Jaona zanak'i Alfeo, Jodasy, rahalahin'i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, ilay hamadika Azy.
9


Nampianatra azy ireo Jesoa fa ny fankatoavana ny Teniny dia tahaka ny manorina trano eo ambony vatolampy. Ka na dia ny tafio-drivotra faran'izay mafy aza tsy hahavita handrodana izany trano izany.
10


Ny tsy fankatoavana an'i Jesoa kosa dia tahaka ny manorina ny trano eo ambony fasika. Ka rehefa avy ny tafio-drivotra, dia mianjera ny trano.
11


Tsy mora ny manatanteraka ny baikon'i Jesoa sasantsasany. "Raha misy olona mamely tehamaina ny takolakao ankavanana, omeo azy koa ny ankavia" hoy Jesoa tamin'izy ireo.
12


"Tiava ny fahavalonareo". Ny olombelona dia mila ny fanampian'Andriamanitra mba hahafahany miaina tahaka an'i Jesoa.
13


Jesoa koa dia nanoro azy ireo mba hivavaka mangina - tsy hisehoseho eny imason'olona tahaka ny fanaon'ny mpitondra fivavahana sasany.
14













Jesoa nifidy ny mpianatra roambinifolo lahy

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 4-7, Marka 1, Lioka 6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16